Fitondrana Rajoelina 3
**Mifanipaka hatrany ny voalazan'ireo tompon'andraikitra**

Fitondràna tsy miahotra 2
**Na tsy menatra ny miala bala no misy eto**


# NY VALOSOA VAOVAO

Gazety miseho intelo isan-kerinandro
(Talata - Alakamisy - Sabotsy)


Tovo Ratovoarisoa 2
**Mihevitra ny Malagasy ho dondrona ve ny mpitondra ?**


www.gvalosoa.com
gvalosoa@yahoo.com
facebook : gazety valosoa rakoto



Sabotsy 10 septambra 2022 Laharana 1342 Vidiny : 500 Ar


Iraky ny Filoha Ravalomana tany Ikongo 2

## Nihaona tamin'ireo Ampanjaka sy niharam-boina



Fahalasanan'ny Mpanjakavavy Elisabeth II 3

## Fantaro ny momba ny fanjakana Britanika



Ben'ny tanàna ao amin'ny kaominina Tsimafana 3

## Tazomina amponja noho ny loko politika tsy mitovy



Dr Rakotoarisoa Jean Pierre 6

## Mamonjy ny mpiara-belona amin' ireo aretina sarotra tsaboina rehetra



Sekoly Fanomanana Laika Fjkm 6
**Hiatrika ny Fihaonambeny sy faha-25 taona niorenany**

Peace Corps vaovao 22 7
**Hanohana ny fanabeazana sy ny fambolena eto Madagasikara**

**Daka kely**

Tahaka ny fitondrana biby ve no hitondranareo olona hitokana làlana ry Boaikely a !

IRAKY NY FILOHA RAVALOMANA TANY IKONGO

# Nihaona tamin'ireo Ampanjaka sy ireo niharam-boina

Manoloana ny voina nahazo ny mpiray tanindrazana tany Ikongo dia tsy tafapetraka ny filoha Marc Ravalomanana fa nandefa hiraka tany Ikongo hankahery sy hamangy ireo niharam-boina tany an-toerana . Tsy nandeha tanampolo izy ireo tamin'izany, fa nitondra izay voatsirambin'ny tanana avy amin'ny filoha Marc Ravalomanana. Ny depiote voafidy tao Ambohidratrimo sady sekretera jeneraly faha-2 TIM, Mamy Rabenirina no nitarika ny delegasiona tamin'izany . Rehefa izany dia nihaona tamin'ireo Ampanjaka sy ray amandreny tao Ikongo ireto farany tao amin'ny tranobe Vohitsivala . Niditra nitafa mivantana an-tarobia tamin'izy ireo moa ny filoha Marc Ravalomanana . Faly ireo Ampanjaka naheno ny feon'ny filoha Marc Ravalomanana saria dia niombom- po tamin'izy ireo i Dada . Tsy ny fahoriana no mahafaly hoy izy ireo fa ny fampaherezana izay atao . Rehefa avy eo dia nihaona tamin'ireo niharam-boina ny delegasiona tao amin'ny tranobe Voninkazo ho an'ireo nanana ny manjo . Nankasitrahan'ireto farany ny fahatongavan'ny solontena izay nalefan'ny filoha Marc



Ravalomanana . Miverina hoy ireo mponina ny tamin'ny 1947 raha ny vonomoka natao tamin'ny mponina tao Ikongo .

***Ny Valosoa***

Fahafatesan'i Mpanjaka Elisabeth II

# Manaraka fepetra ny famoahana vaovao

Matotra be ny fanjakana Anglisy tamin'ny fepetra famoahana vaovao mikasika ny fahafatesan'ny mpanjaka Elizabeth II araky ny fenitra efa nalamina efa taona maro :

1. Ny Dokoterany no manamarina voalohany ny fahafatesany
2. Ampandrenesina voalohany ny "private secretary", mpiasa ao an-dapa
3. Ny private secretary no mampandre ny rehetra, manomboka amin'ny ny fianakaviany, voalohany ny zanany
4. Amin'ireo olompanjakana dia ny praiministra anglisy amperinasa no ampandrenesina voalohany
5. Manaraka azy io vao ampandrenesina ny praiministra amin'ireo fanjakana 15 izay hanjakany (Canada, Australie, Jamaika, ...)
6. Aorian'io vao hampandrenesina ny mpitondra amin'ny firenena 38 mpikambana amin'ny commonwealth
7. Izay vao mamoaka ny taratasy ofisialy ny ao andapa ao Londres manambara ho an'ny vahoaka sy izao tontolo izao ny fahafatesany.

Vita izay vao afaka miteny ny fahafatesany ny mpanao gazety rehetra

8. Ny praiministra anglisy amperinasa no mahazo mikabary voalohany

Mahafinaritra ny fametrahana lamina sy fanarahan'ny rehetra izany lamina izany , hany ka na izy mpanjaka aza dia nanaraka ny lamina izay indraindray nisy tsy nety taminy , kanefa nekeny . Toy ny hoe ny Private secretary niasa ho azy voalohany dia nolovainy tamin'ny rainy fa tsy notendreny . Eto dia mametram-panotaniana ny maro fa mbola tsy nisy vaovao nivoaka dia Rinah Rakotomanga mpitondra tenin'ny presidansa teo aloha no mamoaka voalohany io vaovao io izay




tena mifanohitra amin'ny lamina napetraky ny fitondràna Anglisy . Maniry olona ho faty hoy ny fanehoan-kevitry ny olona , mahita volana alohan'ny biby . Asa izay ho tohiny fa dia fihetsika mitondra henatra ho an'ny firenena Malagasy ny fanehoan-kevitr'ity olona akaiky ny filoha Andry Rajoelina ity .

***Nangonin'i Helisoa***

## *Ny Valosoa sy fakafaka*

# Fitondràna tsy miahotra na tsy menatra ny miala bala no misy eto

Io indray ilay fitondrana fa tsy miahotra na tsy menatra ny miàla bala. Niseho indray izany tato anatin'ny roa na telo farany izao tamin'ny nataon'ireo olom-boatendry vitsivitsy tsara toerana eo anivon'ny fitondrana. Mazava loatra, tsy atao hahagaga izany, fa hiaro ny fitondrana no nanendrena azy ireo, fa tsy hitsikera na hanakiana ny fitondrana velively. Kanefa ny olom-pirenena mpanaraka ny raharaham-pirenena maharaka izany tsara na misy aza ny fanarian-dia samihafa azy. Teboka roa lehibe no asongadina eto tamin'ny nambaran'ireo olom-boatendry ireo, ny filohan'ny Hcc sy ny mpitondra tenin'ny prezidansa. Ny an'ny filohan'ny Hcc, dia nanambara ny tsy hisian'ny famatorana aminy amin'ny filohan'ny Repoblika eo amin'ny lafiny politika sy amin'ny fitanany ny andraikitra, raha tsotsorina ny filazana azy. Ny ahiahin'ny olom-pirenena maro, dia hoe hisy ny firaisana tsikombakombaka amin'ny voka-pifidianana sy ny anaovana izay hampandaniana indray an'i Andry Rajoelina amin'ny 2023. Lazain'ity olom-panjakana ity anefa fa tsy mitombina izany ahiahy na tsikera izany. Amin'ny fomba ahona anefa no itokisan'ny olom-pirenena indrindra ireo mpifidy an'izany. Efa lasa lalina loatra mantsy ny elanelana manasaraka ny mpitondra toa azy ireo sy ny vahoaka ary efa tsy misy intsony ny fifampitokisana eo amin'ny roa tonta. Avy amin'ny nataon'izao fitondrana izao ihany anefa no nahatonga izany, fa tsy ny vahoaka akory. Na misy aza iny fanazavana nataony iny dia tsy hamaha ny toejavamisy velively. Mihaino fe mihaino ny olona fa efa milasitra ao an-tsainy ny fipetraky ny raharaha. Ny an'ny mpitondra tenin'ny prezidansa kosa, dia ny filazana fa tsy ilain'ny fitondrana ny fikaonandoha politika, fa momba ny sosialy na toe-karena no mety aminy. Filazana izay maneho mazava, fa izay ataony ihany no ataony, tsy ilaina ny feon'ny hafa, indrindra ny mpanohitra. Tsy isalasalana avy hatrany fa vao mainka mampirimorimo ny firenena hizotra amin'ny lalany efa kizo sy ratsy izany ka iaraha-mahalala ny hiafarany. Nambarany ihany koa ny amin'ireo hateloana hiresahana ny drafitra fanandratana Madagasikara amin'ny faran'ny volana oktobra. Tsotra ny azo andikana izany, fialàna henatra fotsiny sisa fa efa miharihary ny fahatarana ny amin'izany. Efa hamarana taom-piasana vao hilaza ny drafitra toy izany. Drafitra izay nisehosehoana sy nidedahana mbola mialohan'ny fampielezan-kevitra fifidianana filoham-pirenena 2018. Efatra taona tsy nahavita niresaka nanazava izany, ka izao vao mody hiseho ho babany. Fialàna bala hanafenana ny tsy fahombiazana sy ny tsy fahakingana miasa io. Amin'ny zoro hafa aza dia lalana iray indray io hanariana dia ny vahoaka malagasy. Olana maro samihafa mantsy eto amin'ny firenena no tsy voavahany hatramin'izay naha teo amin'ny fitondrana azy kanefa tena miankina amin'ny fiainam-bahoaka. Soa fa efa maro no mahatsapa sy mahalala ny "fikafika" lava ataon'izao fitondrana izao amin'ny vahoaka.

***Soh'son***

Lalam-Pirenena Rn5a Mampitohy Ambilobe-Vohemar

# Efa-taona aty aoriana vao tena vita

Notokanana omaly ny lalampirenena RN5a mampitohy an'Ambilobe sy Vohemar. Ny 16 Aogositra 2018 no nametraka ny vato fehizoro fanombohana ny asa ny filoha teo aloha Hery Rajaonarimampianina.

Niasa mafy izy nitady famatsiam-bola nanaovana io lalàna io, ka nahazoany Madagasikara vola mitentina 158 tapitrisa Dolara avy tamin'ny fanjakana sinoa (via Eximbank) ny volana may 2017

Nanaovan'ny Filoha ankehitriny hetsika fanombohana ofisialy ny asa indray ny 13 Avrily 2019 izay fanindroany io fa nofafàn'i Andry Rajoelina ny nametrahan'ny filoha teo aloha Hery Rajaonarimampianina vato fehizoro teo . 4 taona aty aoriana, vao vita raha 24 volana no voafaritra hanatanterahana ny asa tamin'ny fotoana nahazoana ny famatsiam-bola.

Faly isika ho an'ny mponina amin'iny faritra iny sy ho an'ny firenentsika hoy ny fanambaràna nataon'ny HVM ary nody ventiny ny ezaka natao. Ny fitondràna ankehitriny ve mba hanetry tena ka hanambara fa fitohizan'ny raharaham-panjakàna no nahavitàna io lalana io ? Tsy hisy anie izany fa ny werawera tsy maintsy mandeha hoy ny fiteny malaza izay .

***Helisoa***

Tovo Ratovoarisoa

# Mihevitra ny Malagasy ho dondrona ve ny mpitondra ?

Manoloana ny zavamisy eto amin'ny firenena izay efa mampiteny ny moana araka ny fomba filaza azy dia naneho ny heviny ny mpanao politika sy ny olom-pirenena tsotra satria efa tena alohalika loatra ny ranom-bary . Ny mpitondra variana mampifalifaly amin'ny resaka fety aman-danonana , fa raha ny fijerena ny mahasoa ny mponina dia lavitry ny afo ny kitay . Ao anatin'izany dia maneho ny heviny ny Malagasy iray monina any ampitandranomasina Tovo Ratovoarisoa tao amin'ny tambazotran-seraserany fa misitri-belona tsy sahy miseho vahoaka ireo solombavambahoaka MAPAR , ary ireo tompon-andraiki-panjakana TGV . Tsy sahy maneho hevitra na mitabataba tahaka ny fanaon-dry depiote Naivo Raholdina sy Lanto Rakotomanga, ary ny governora Hery Rasoamaromaka mampiseho fa mahavita ny fitondràna TGV . Matahotra ny vavam-bahoaka angamba satria ny lainga sy ny fitaka no manjaka . Ny minisitra Lalatiana Andriantongarivo moa dia mbola mandàtsa vahoaka amin'ny fitenenana hoe "tany tan-dalàna i Madagasikara ". Iza anefa no tsy mahalala fa ireo vahoaka any Ikongo no tian'i Lalatiana "mama sôsy" ho tondroina amin'izany! Dia tena mihevitra ny malagasy dondrona ve ireo mpitondra hoy Tovo Ratovoarisoa . Iza hoy izy no tsy manàja ny lalam-panorenana izay lalàna fototra ijoroan'ny firenena, fa tsy ireo mpitondra mampi-



tondra faisana vahoaka ireo ihany ?

***Helisoa***

## Ny Valosoa sy hadihady


### Fitondrana Rajoelina

# Mifanipaka hatrany ny voalazan'ireo tompon'andraikitra

Tsy mitsahatra mifanipaka ny fanambaran'ny tomponandraikitra isan-tokony eo anivon'izao fitondrana tsy marin-toerana eto amin'ny Firenena izao. Nanambara indray mantsy ny mpitondratenin'ny fiadidiana ny Repoblika fa tsy misy krizy politika, hono eto ka tsy ilaina izany fikaonandoham-pirenena izany. Etsy an-kilany indray dia tamimpahatokisantena no nilazan'ny ao amin'ny Minisiteran'ny Varotra fa maritoerana ny vidin'ny kojakoja ilain'ny mponina an-davanandro na eo aza ny krizy maro samihafa. Samy manana ny famaritany sy ny fahalalany ny antsoina hoe "krizy" ny tsirairay. Samy manana ny fiheverany ny atao hoe "politika" ihany koa. Tsy misy tsy mahafantatra fa politika avokoa izay atao rehetra indrindra ny fitantanana ny Firenena. Rehefa tsy mihodina araka ny tokony ho izy izany ny atao eo amin'ny sehatra rehetra dia miteraka krizy. Ny fandikan-dalàna miverimberina ataon'izao fitondrana izao kanefa tsy andraisan'ny Fitsarana, indrindra ny Fitsarana Avo momba ny Lalàmpanorenana, dia krizy ara-politika izany. Porofo iray tsy azo hodian-tsy hita ny tsy fametrahana amin'ny toerana filoha lefitra fahafito ao amin'ny Antenimiera roa tonta. Na tiana na tsy tiana dia miteraka krizy ity toe-draharaha ity satria tahotra fa hahazo vahana ara-politika ny nahazo vato betsaka indrindra, taorian'ny "voafidy" ho filohan'ny Repoblika, dia ny Filoha teo aloha, Ravalomanana Marc, izany. Politika ny fitantanana sy fanomanana ny fifidianana satria matoa vitsy ny tahan'ny mpandray anjara tamin'ireo fifidianana nifanesy farany dia satria noho ny fahatsapan'ny mpiray firenena fa tsy nampiova na inona na inona eo amin'ny fiainany ny fifidianana. Nanampy trotraka izany ny nanambaran'ny kandidà Rajoelina Andry nandritra ny fampielezankevitra nataony fa "tsy maintsy lany izy". Mbola niena izany tamin'ny fifidianana solombavambahoaka satria efa nahatsapa ny mpifidy fa tsy maintsy ho lany izay kandidà niaraka tamin'ny filohan'ny Repoblika. Politika no hahazoana miady amin'ny fahantrana sy ny tsy fanjarian-tsakafo ka matoa mahazo laka eto amin'ny Firenena ireo toejavatra ireo dia misy "krizy" izany. Raha tsara sy nosainina ny namolavolana ny "politikam-panabeazana" dia tsy ho tonga amin'izao krizy eo amin'ny sehatry ny fanabeazana izao. Mitokona ny mpianatra eny amin'ny ambaratonga ambony satria tsy mandray ny vatsim-pianarana telo na efa-bolana ny mpianatra. Mifamatotra amin'izany ny mpandraharaha sy mandray anjara tamin'ny fanaraha-maso ny fitsarana ny fanadinana bakalorea izay tsy mandray karama na tambikarama. Politika no mahatonga ny orinasam-pirenena Air Mad bakirompitra satria nanan-kevitra nanganana orinasa hihotazany tombotsoa manokana nasolo azy ny tandapa. Krizy politika ara-tsosialy no naterak'izany satria mpiasa aman-jatony maro no very asa ka manatevin-daharana ireo roa ambisivifolo isanjaton'ny Malagasy miaina ao ambanin'ny tokonan'ny fahantrana (seuil de la pauvreté). Tsy fananana politikam-panarenana matotra ho an'ny Jirama no mahatonga ny tsy fitsaharan'ny delestazy sy ny olana ara-pamatsiana rano manerana ny Nosy. Ny tranga etsy sy eroa eo amin'ireo sehatra ireo dia manaporofo fa misy ny krizy, tsy krizy ara-pitantanana na krizy pihariana na krizy ara-tsosialy ihany no aterak'izany fa krizy ara-politika ihany koa. Ny tena manahirana dia izany talen'ny kabinetra izany dia misahana ny politika anatiny sy ivelany ary ny tontolo manodidina izany ao amin'ny departemanta misy azy. Ka krizy eo amin'ny sehatra inona izany no fahitan'ny tandapa izay misy eto amin'ny Firenena nandritra izay efatra taona latsaka kely izay? Marina fa migolabina, manontany ny ory ary tsy misy krizy ao an-dapa ao kanefa kosa loza mitatao eo an-dohan'izay minia mitapi-maso amin'ireo krizy izay iainana ivelan'ny lapa sy eto anivon'ny Firenena ireo.

***Andry Tsiavalona***

## NY TENY FIAINANA




*"Manajà ny ray sy ny reninao (fa izany no didy voalohany misy teny fikasana)."*
***Efesiana 6:2***

### BEN'NY TANANA AO AMINY KAOMININA AMBANIVOHITRA TSIMAFANA

# Tazomina amponja noho ny loko politika tsy mitovy

Ny 8 septembre 2021 no nitrangàna fandrobàna sy famonoana nahafaty mpandraharaha iray tao Beraketa Belo sur Tsiribihina ka naverezana vola 20 tapitrisa ariary. Noho ny loko politika tsy mitovy dia nisy olom-boafidy nihezaka nandoto ny ben'ny Tanana Tale Haky, ka nitady hevitra rehetra ny hanagadràna azy. Rehefa nosavaina ny tranon'ity farany, dia manana basy ara-dalana izy. Fa misy amin'ireo basy no novidiany tamin'ny ben'ny tananan'i Tsarahotana fa tara ny nanaovana ny famindràna na mutation, ka teo no nilazàna fa ireo ben'ny Tanana roa ireo no mpiray tsikombakomba amin'ny olon-dratsy. Ankoatra izay, nisy olona tratran'ny zandary nolazaina fa tompon'antoka tamin'ny famonoana ilay mpan-



draraha, nilaza ity farany fa basin'ny ben'ny Tananan'i Tsimafana no namonoana ilay mpandraharaha, ka izay no nampidirana azy amponja vonjimaika ary mbola tsy hay ny fotoam-pitsarana azy. Ankehitriny anefa dia tratra ilay dahalo raindahiny antsoina hoe Ramita, izay tompon'antoka sady nanao ny fanafihana ilay mpandraharaha tao Beraketa sy ilay mpandraharaha tamin'ny lalan'ny Belo izay nahafaty ilay mpamily antsoina hoe Zoera. Rehefa nanao fanafihana tao amin'ny fokotany Avaradrova ao Belo sur Tsiribihina izay naharatràna olona 3 moa ny ekipan'i Ramita tamin'ny 3 decembre 2021 dia nanao ny fikarohana sy ny fanadihadiana ny polisim-pirenena tao Belo sur tsiribihina, ka nohon'ny loharanom-baovao avy tamin'ny olona tsara sitrapo no nahatratrarana ity jiolahy raindahiny ity. Nandriatra ny fanadihadiana natao taminy no nanekeny fa izy no tompon'antoka tamin'ilay fanafihana tao Avaradrova, ary ilay fanafihana izay nahafaty ilay mpandraharaha tao Beraketa sy ilay tamin'ny lalan'ny Belo sur Tsiribihina. Nanonona ireo namany koa moa izy ka 5 tamin'ireo notononiny no efa tratra. Efa voatazona tany am-ponja ny roa ary mbola misy 3 mbola ho tadiavina. Tratra tao an-tranony ny fanafody gasy sy ny basy fampiasany amin'ny asa ratsiny. Nandritra ny fanadiadiana nataon'ny polisim-pirenena dia tsy voakasika na voatonona amin'ity raharaha ity mihitsy ny ben'ny tananan'i Tsimafana izay voatazona amponja vonjimaika mikasika ity raharaha ity efa hatramin'ny 22 septembre 2021, koa manao antso avo ny fianakaviana sy ny vahoaka izay efa nanao hetsika moa tamin'ny fotoana nampidirana amponja azy ny mba hamoahan'ny fitsarana ity ben'ny tanana ity.

***Ny Valosoa***

### Kaominina Ambohitrambo Arivonimamo

# Mijoro ny biraon'ny COMTIM

Vory lanona tao amin'ny kaominina Ambohitrambo distrikan'Arivonimamo, ny mpikatroka ao amin'ny antoko Tiako i Madagasikara TIM ny 07 septambra lasa teo. Nisy ny famelomamaso na redynamisation ny antoko Tim tao antoerana izay notarihan'ny depiote TIM voafidy tao Arvonimamo Rodin Rakotomanjato. Nahatonga solontena avokoa ny fokontany miisa 23 tato anatin'ny kaominina. Tamin'io fotoana io no nanganana ny birao hitantana ny TIM ao Ambohitrambo, ka voafidy tamin'izany ny filohan'ny COMTIM sy ny Vehivavy Tim. Tamin'ny fandraisampitenenana nataon'ny depiote Rodin Rakotomanjato no nilazainy fa "ny tsy fahaiza-mitantan'ny mpitondra no mahatonga izao fahantrana lalina manjo antsika izao". Noho izany dia manana adidy isika hanarina ny firenena, mila sahy isika ary mila mijoro hoy izy. Marihina fa teto ihany koa no nanambaran'ny depioten' Ambanivohitra fa hividianana dabilio hoan'ny mpianatra EPP ao anatin'ny kaominina 23, distrikta Arivonimamo ny tetibola Ciad mba fitsinjovana ny zaza Malagasy.

***Helisoa***

### Fahalasanan'ny Mpanjakavavy Elisabeth II

# Fantaro ny momba ny fanjakana Britanika



***Ny Mpanjakavavy Elisabeth II fahavelony.***

Niamboho afak'omaly ny Mpanjakavavy Elisabeth II, Mpanjakan'ny United Kingdom (UK) of Great Britain. Saika mitanondrika sy malahelo avokoa izao tontolo izao, noho ny fahalasanan'ity olona anisan'ny malaza indrindra eran-tany ity. Niamboho ny mpanjaka, na LONDON BRIDGE IS DOWN, izay koa no anisan'ny filazan'ny Britanika, ny mpanjaka miamboho any UK.

Niamboho teo amin'ny faha-96 taonany ny Mpanjakavavy ELISABETH II.

Mpanjakan'i Royaumes Uni (UK) sy filoham-panjakana maromaro ao anatin'ny COMMONWEALTH. Lehiben'ny Fiangonana Anglikana maneran-tany koa izy.

Izy no anisan'ny mpanjaka naharitra indrindra, satria 70 taona nanjakana.

Raha ny tetiharana no jerena dia ny zanany lahy "PRINTSY CHARLES", no mpanjaka handimby azy indray. Lasa Mpanjaka, na ROI, na King CHARLES III no anarana hisalorany amin'ny maha Mpanjaka azy.

Praiministra 15 no nifandimby teo amin'ny Fanjakan'ny Mpanjakavavy Elisabeth II.

Teo amin'ny faha-25 taonany izy no notendrena hanjaka, nisolo an-drainy dia izao niamboho teo amin'ny faha-70 taonany tany Ecosse izao.

Tamin'ny 8 ora sy sasany alina teo, na tamin'ny 5 ora sy sasany hariva tany Londres, no nivoaka ny fanambarana.

Ny Mpanjaka sy ny Mpanjakavavy Britanika dia tsy manao politika ary tsy mahazo manao politika. Ny Praiminisitra no tompon'ny politika. Ny asan' ny Mpanjaka dia miantoka ny firaisankinam-pirenena na ny "unité nationale".

Tamin'ny taona 1952 dia firenena 7 no teo ambany fahefan'ny Mpanjaka Elizabeth II amin'ny mahampanjaka sy filohan'ny andrim-panjakana azy:

1. The United Kingdom (Grande Bretagne)
2. Canada
3. Australie
4. New Zealand
5. South Africa (Afrique du Sud)
6. Pakistan
7. Ceylon (Sri Lanka).

Miisa 15 ny mpikambana ao amin'ny "Commonwealth realm" ankehitriny:

1. Antigua and Barbuda
2. Australia
3. The Bahamas
4. Belize
5. Canada
6. Grenada
7. Jamaica (Jamaïque)
8. New Zealand (Nouvelle Zelande)
9. Papua New Guinea
10. Saint Kitts and Nevis
11. Saint Lucia
12. Saint Vincent and the Grenadines,
13. Solomon Islands
14. Tuvalu
15. The United Kingdom (Grande Bretagne)

Ny fivondronana "Commonwealth of Nations", izay ahitana firenena miisa 56 ankehitriny dia fivondronan'ireo firenena miteny Angilsy ihany koa izy ireo.

Ireo firenena mpikambana teo aloha saingy efa nisafidy ny ahaleo tena kosa dia:

1. Fiji
2. Ghana
3. Gambie
4. Inde
5. Irlande
6. Malawi
7. Nosy Maurice
8. Nigeria
9. Pakistan
10. Sierra Leone
11. Ouganda
12. Barbados (izay marihina fa vao nifidy ny ahaleo tena tamin'ny 30 Novembra 2021 teo), sns…

Raha ny fifandimbiasan' ny fitondrana ny fanjakana any UK ihany, ny Printsy Wiliam indray no ao aorian'ny Printsy Charles, na izay ho antsoina tsy ho ela Mpanjaka Charles III.

***Nangonin'Isambilo***

# An-tsary misongadina Ny Valosoa Vaovao

**Helisoa**

**Tonga tany Ikongo ireo iraky ny Filoha Ravalomanana nitondra fankaherezana sy fanampiana ireo niaramboina.**










# An-tsary misongadina Ny Valosoa Vaovao

Helisoa

Ny fametrahana ny biraon'ny COMTIM tao amin'ny kaominina Ambohitramo Arivonimamo.









Ireo tompon'andraikitry ny fitandroana ny filaminana any Ampasifasy Mahabo miady amin'ny dahalo, mpitandro filaminana iray naratra.










MPITANDRO FILAMINANA ANY AMBOVOMBE ANDROY

# Avotra i Vonjisoa saika hisy hivarotra antsokosoko

Miasa ny mpitandro'ny filaminana any Ambovombe Androy , ary manao ny ainy tsy ho zavatra izy ireo mba hiarovana ny ain'ny vahoaka sy ny fananany. Hita izany tamin'ny asa izay nataon' izy ireo nanavotana ilay zazakely kely nisy saika hivarotra antsokosokotany Ambovombe. Ny alin'ny 05/09/22 tokony tamin'ny 11 alina no nahazo loharanom-baovao ny CB ambovombe fa misy olona roa avy any andalatanosy distrika ambovombe mitondra zaza lahy kely hamidy hitadiavana mpividy tany ambovombe. Vao nahare izany ny CB dia nandray andraikitra avy hatrany ary nitarika ireo miaramila zandary, teo ambany fibaikoany , ka nitady io zaza very io izay teo ampelatanan'ny jiolahy . Tamin'ny 12 ora alina raikitra ny fampitifirana teo amin'ny mpitandro filaminana sy ireo jiolahy izay nanana fitaovam-piadiana ihany koa . Vokany, avotra soamatsara i Vonjisoa zazalahy kely avy any Vohitsarivo CR Andalatanosy , ka dahalo 03 no voasambotra 02 nangalatra ny zaza ary 01 mpampiatrano tao Ambovombe.

***Ny Valosoa***



Fifandonana Tao Ampasifasy Mahabo

# Polisy iray naratra, dahalo 4 lavo

Nisy ny vonjy aina, tamin'ny alalan'ny fiaramanidin'ny Tafika Malagasy hamonjena ilay polisy iray naratra voatifitry ny dahalo nandritra ny fifandonana tamin'ny andian-dahalo nangalatr'omby tao kaominina Ampasifasy, distrikan'ny Mahabo faritra Menabe ny misasakalin'ny 08 hifoha 09 septambra 2022 lasa teo. Nandritra ny fanenjehana ireo dahalo efa ho 30 mahery nangalatra ireo omby 20, dia dahalo 4 no lavon'ireo mpitandro filaminana ahitana zandary sy polisy nampian'ireo fokonolona.

Nandray fepetra hentitra hatrany ireo tompon'andraikitra any an-toerana mba hamerenana ny fandriam-pahalemana.

Mitohy ny hazalambo an'ireo dahalo mbola afanandositra ary efa feno mpitandro filaminana manenika an'i Menabe raha ny vaovao voaray avy any antoerana .

***Helisoa***




Dc Rakotoarisoa Jean Pierre

# Mamonjy ny mpiara-belona amin' ireo aretina sarotra tsaboina rehetra

Marary ny vahoaka Malagasy ary tena sahirana rehefa tratran' ny aretina sarotra tsaboina toy ny homamiadana,Diabeta sy ny sisa.Efa ho 5 taona izay no tsy mitsahatra manasitrana sy mamonjy ny mpiara-belona aminy ny dokotera Rakotoarisoa Jean Pierre dit Joe monina etsy Antanimenakely Kaominina Ampitatafika. Ao anatin'izany ny fampihenana ny tahan'ny homamiadana ao anatin'ny vatana,mampikatona ny fery vokatrin'ny aretina Diabeta,manasitrana sy mampaniry nofo efa lo,ny taolana tapaka miverina amin'ny laoniny,Vehivavy momba mahazo zaza,olona marary mafy mitsangana sy ny sisa.Mampiasa fanafody eny amin'ny Farmasia ny dokotera Rakotoarisoa Joe rehefa mandray marary ampiarahina amin'ireo fanafody avy amin'ny vokam-pikarohana nataony miainga avy amin'ny « Huile de cancer » ,« Poudre de neptune » sy ireo akora hafa avy eto an-toerana miaraka amin' ny herin'ny vavaka sy ny fanomezam-pahasoavana izay efa nomen'i Jéhovah Andriamanitra azy.Efa betsaka ny olona sitrana sy afaka tamin'ny rofy noraisin'ny dokotera Joe tao amin'ny kabinetran'i Abrahama etsy Antanimenakely ary maniry ny hanangana « Clinique » mba ahafahana mampianatra sy manome toromarika aram-pahasalamana ny vahoaka Malagasy ity farany.Manao antso avo ho an'ny manam-pahefana ny Rakotoarisoa Jean Pierre mba hifanome tanana amin'ny fampiroboroboana ny asa fikarohana nataony ho famonjena ny fahasalambahoaka manoloana an' ireo aretina sarotra sitranina ary tokony harovana ny fikarohana sy sangan'asa tahaka itony mba ho reharehan'ny Malagasy.Efa nahavita fianarana « Medecine Généraliste » ny dokotera Rakotoarisoa Jean Pierre ary nanohy fianarana sy niasa tany Alemana sy Japon nandritran'ny 22 taona dia izao niverina teto an-tanindrazana izao. Ankoatra ny asa fitsaboana dia manana fanomezam-pahasoavana « Détecteur, Trasformation… » avy amin'i Jéhovah Andriamanitra ity mpitsabo ity ary ny hosotra avy amin'ny herin'ny fanahy masina no ahafahan'ity farany mahafantatra zava-miafina momban' ny fanasitranana olona iray.Tatsinanana no fiaviana no sady taranak'i Rakotosihanaka avy any Ambohitrarivo Distrikan'i Amparafaravola ary olon' Andriamanitra voafidy sy tarihin'ny fanahin'Anfdriamanitra amin'ny zavatra rehetra ataony no sady hamonjy ny vahoaka Malagasy.




***Franck Razakambelo***

# Fijoroana vavolombelona

Nihareraka i Ramatoa Dhaliá 33 taona monina ao Ambohidrapeto Ankadimanga nohon'ny fivoahan'ny rà tsy mijanona vokatry ny fisian'ny zaza voaloboka tao anantin'ny kibony.Tsy maintsy niroso amin'ny fandidiana teny amin'ny Hopitaly ity farany raha mbola te ho velon'aina , kanefa tsy misy ny entimanana hiatrehana an'izany. Noho izany tsy maintsy nanatona haingana an'i dokotera Rakotoarisoa Jean Pierre etsy amin'ny Kabinetran'i Abrahama Antanimenakely mba hitady vahaolana mikasika ny aretiny.Nitsindrona nandritra ny 3 herinandro i Ramatoa Dhaliá no sady narahina fanoloran-tena tamin'Andriamanitra. Hany ka sitrana nivoaka avokoa ny maloto izay tao anatin'ny kibony ary efa sitrana ity farany rehefa nanatanteraka « Echographie » ny Alarobia teo.Ankoatran'i Dhaliá dia betsaka ireo mpiarabelona misedra aretina sarotra ka sitrana rehefa noraisin'i dokotera Rakotoarisoa Jean Pierre.

***Ny Valosoa***

Sekoly Fanomanana Laika Fjkm (Sefala))

# Hiatrika ny Fihaonambeny sy faha-25 taona niorenany

Feno 25 taona ankehitriny ny Sekoly Fanomanana Laika na SEFALA FJKM. Tsy avela handalo fotsiny izany jobily volafotsy izany, fa homarihina ka hisaorana sy hankalazana an'Andriamanitra. Hisy ihany koa anefa ny Fihaonamben'ny SEFALA izay hotanterahina handritry ny telo andro, ny 23, 24, 25 Septambra ho avy izao araka ny fanapahan-kevitra tamin'ny fivorian'ny Mpiandraikitra Foibe MF 02/SL XIX, natao ny 20-27 Aprily 2023 tao amin'ny CFD Ampandrana. Ao anatin'ireo hateloana ireo no hanamarihana ny jobily volafotsy. Fotoan-dehibe araka izany no hatrehina amin'ireo andro ireo.

Araka ny fandaminana dia Synodamparitany (SP) telo no hampiantrano izany hetsika lehibe izany: SP Boina vaovao (17), SP Toamasina vavahady ny Filazantsara (31), ary ny SP MATSIATRASOA (25).

Momba ny fandaminana samihafa:

**Ny fandaharam-potoana:**

- Ny fahatongavana: Zoma 23 Septambra 2022
- Ny fanokafana: Zoma hariva amin'ny 2 ora tolakandro, sy fanofanana
- Ny Sabotsy 24 Septambra 2022 tontolo andro: fampianarana sy fanofanana
- Ny Alahady 25 Septambra 2022 maraina: fankalazana ny faha-25 taona ny SeFaLa Foibe sy famaranana ny Fihaonambe.

**Ny fandraisana anjara mandritry ny Fihaonambe:**

- 2000 Ar ny hofantrano misy kidoro (isan'olona, isan'alina)
- 1000 Ar ny hofantrano tsy misy kidoro (isan'olona, isan'alina)
- Ny sakafo maraina 2000 Ar – sakafo atoandro sy hariva 4000 Ar – 5000 Ar
- Ny boky sy badge: 6000 Ar
- 2000 Ar ( ny mihoatra tsy ferana) ny fandraisana anjara isaky ny SeFaLista ho an'ny Komity ny faha-25 taonan'ny SeFaLa.
- Samy hiomana amin'ny fitaovana samihafa ampiasaina ihany koa ny isaky ny Mpizaika.

**Ny ifandraisana amin'ny fandraisam-bahiny:**

- Toamasina: Pasteur Henri : 034 19 898 48
- Mahajanga: Pasteur Nathanael : 034 31 872 47
- Fianarantsoa: Pasteur Hary : 034 36 295 93

Entanin'ny tomponandraikitra ny fiaraha-miasa amin'ny Synodamparitany sy Fitandremana, amin'ny fampahafantarana sy ny fanentanana ireo mpampianatra sy ny mpianatra SeFaLa ary ireo efa vita fiofanana rehetra mba hanao ho zava-dehibe ny famonjena izany fihaonambe izany.

***Aris***




Ambodimanga - Anjiro

# Hazo sarobidy miisa 100 no tratran' ny zandary

Isan'ireo harena voajanahary harovana ny hazo sarobidy "palissandre". Voararan'ny lalàna noho izany ny fitrandrahana azy. Maro anefa ireo olona no mivelona aminy amin'ny fanaovana azy ho fanaka sy trano.

Ny alahady 28 Aogositra 2022 lasa teo dia miisa 100 ny Palissandre no tratry ny zandary tany amin'ny làlam-pirenena faha 44, Ambodimanga Anjiro. Avy any Andrindra amin'ny làlam-pirenena faha 44 no nakana ireo hazo sarobidy ireo ary saika entina ho any Antananarivo. Fiara vaventy iray no nitondrana an'ireo harena vohajanahary ireo, izay saron'ny zandarimarian'i Moramanga mpandrindra ny fifamoivoizana.

Natolotra ny fitsarana ny raharaha rehefa vita ny fisavana. Notazomina am-ponja ny tompon'ny hazo sarobidy raha nahazo fahafahana vonjimaika kosa ny mpamily ny fiara.

***Stefa***

## Mpiandry raharaha

**PHARMACIES DE GARDE**
**10/09/2022 hatramin'ny 17/09/2022**

**- AICHA** (Près CENAM 67ha) 034 74 687 24

**- RAKOTOARIVONY** (Analakely en face lycée Rabearivelo) 033 31 222 05/034 45 222 05

**- SANTE** (Behoririka 1ère à droite après Station Shell) 020 22 540 32/ 032 05 540 32 / 033 12 434 73 / 034 70 684 04

**- H** (Andrefan'Ambohijanahary) 032 05 111 65/034 14 011 65

**- NY AINA** (Andravoahangy Ambony) 020 22 229 95

HJRA (urgences) :
033 11 890 58 /
22 279 79

HOMI Soavinandriana :
22 397 51

Hopitaly Befelatanana :
22 223 84 / 22 6 N72 21

Hopitaly
Loterana Ambohibao :
22 441 88 /22 485 17

Clinique des Soeurs
Ankadifotsy :22 235 54

Ambulances municipales :
22 200 40
Jirama:
Telma : (22)3547 (n° vert) /
Airtel :03 35 47 /
Orange :032 32 3547

Pompiers :
Tél : 118/ 22 250 18/
22 225 66

Police :
Hôtel Central de Police :
17 / 22 227 35 /22 357 09

1° Arrondissement
Tsaralalàna : 22 280 54
2°Ambanidia : 22 309 46
3°Antaninandro : 22 291 30
4°Isotry : 22 280 51
5°Mahamasina :22 280 48
6°Ambohimanarina :
22 225 52
7°67 Ha : 22 291 29
8°Analamahitsy : 22 493 25
Brigade criminelle :
22 216 78 /22 210 29 /
22 674 83 na 84

GIR : 22 227 35

**Gazetim-baovao miseho intelo isan-kerinandro**
**Vidiny: 300 Ar**
**Adiresy: lot T 70 Ankadindratombo**

**TALEN'NY FAMOAHANA :**
Rahelisoa A.
034 79 07600

**MPANAO GAZETY**

**Politika:**
Isambilo: 033 24 783 65
Rajo: 033 80 022 53
Andry Tsiavalona 032 07 744 55

**Toe-karena :**
Aly : 033 18 382 88

**Kolontsaina:**
Aris: 034 17 460 53
Beharo : 032 02 557 89

**Fanatanjahantena:**
Lita: 033 41 557 69

**Mailaka:**
gvalosoa@yahoo.com
**NATONTAN'NY**
**Imprimerie de la RN7**

Fametrahana 1342-09-2022
Isan'ny natonta: 10 000

Tsy azo adika, na alain-tahaka, na antsaina ampahibemaso raha tsy ahazoana alalana vita soratanana avy amin'ny tompony

### Mpilatsaka an-tsitrapo vaovao 22 avy amin'ny Peace Corps

# hanohana ny fanabeazana sy ny fambolena eto Madagasikara

Niverina ireo mpilatsaka an-tsitrapo avy amin'ny Peace Corps roa taona aty aorian'ny valan'aretina Covid-19. Tonga teto Madagasikara ny 30 aogositra teo ny mpilatsaka an-tsitrapo miisa 22 ao amin'ny Peace Corps izay handray ny asany mandritra ny roa taona. Ny vondrona mpilatsaka an-tsitrapo iray dia hanohana ny Malagasy amin'ny alalan'ny fampianarana teny anglisy. Ny vondrona iray hafa dia hampiroborobo ny fambolena legioma mifandraika amin'ny toetr'andro hiadiana amin'ny tsy fanjarian-tsakafo. Hiatrika fiofanana momba ny teny sy ny kolontsaina mandritra ny roa ambin'ny folo herinandro ireo mpilatsaka an-tsitrapo ireo mialohan'ny hiparitahany manerana an'i Madagasikara hanomboka ny asany. Ireo mpilatsaka an-tsitrapo ireo dia manamafy isa ireo roa hafa izay nanao fianianana teo anatrehan'ny Ambasadaoro Amerikana Claire A. Pierangelo sy ny Talen'ny Peace Corps Brett Coleman tamin'ny volana lasa teo. Nizara ny hafaliany amin'ny fahatongavan' ireo mpilatsaka an-tsitrapo ireo ny Talen'ny Peace Corps Coleman: "Nandritra ny roa taona sy tapany, ny mpiasa teto an-toerana dia nanao asa mendrim-piderana hampandehanana ny asan'ny Peace Corps sy hitazonana ny fifandraisana amin'ireo fiarahamonina eny ifotony ho fanomanana izao andro izao. Ny manan-danja indrindra amin'ny asa miaraka amin'ireo mpitarika eny ifotony dia ny famantarana ny laharam-pahamehana ho an'ny fampandrosoana, izay hotohanan'ireo mpilatsaka an-tsitrapo amin'ny alalan'ny fiaraha-miasa amin'ireo vondron'olona eny ifotony." Mbola hisy mpilatsaka an-tsitrapo 35 fanampiny ho avy eto Madagasikara amin'ny volana febroary 2023. Hanamafy ny hetsika ara-pahasalamana eto an-toerana izy ireo; hanatsara ny fahasalaman'ny reny sy ny zaza; ary hanohana ny tetikasa momba ny rano sy ny fahadiovana ary ny fidiovana. Ny fikasàn'ny Peace Corps dia ho tafaverina amin'ny endriny talohan'ny valan'aretina Covid-19 ny asan' izy ireo eto Madagasikara ato anatin'ny roa taona ka hahatratra 150 indray ireo mpilatsaka an-tsitrapo am-perinasa




Tamin'ny taona 1961 no noforonon'ny Filoha Amerikana John F. Kennedy ny Peace Corps. Hatramin'ny fotoana nijoroany, ny Peace Corps dia nifantoka hatrany tamin'ny fampiboroboana ny fandriampahalemana maneran-tany sy ny fihavanana ary tsy nivoana tamin' izany. Hatramin'ny taona 1961 dia mihoatra ny 241 000 ireo mpilatsaka an-tsitrapo niasa tamin'ny firenena 141 ka ny 1 574 tamin'ireo dia niasa teto Madagasikara.


***Aly***

NY VALOSOA VAOVAO
Gazety miseho intelo isan-kerinandro (Talata - Alakamisy - Sabotsy)
Dokam-barotra
Tel. 034 79 076 00

BEHARO

## Teny tondro (Ny Valosoa Vaovao)

**N° 403**




**BL** = Bory Loha
**BR =** Bory Rambo
**MIV** = Mivadika
**MIK** = Mikorontana

Misy ny teny Malagasy ofisialy sy ny tenim-paritra


Ohatra : Valy = Vady

### Valiny Teny Tondro (0402)

***Mitsivalana***
- Bevohoka
-Ilo – No (miv)
-Ranomena
-Mirary (miv)
-Oh – Reny (miv)
-Ar – Sava (miv)
- Voay – Tia (miv)

***Mitsangana***
- Biraro
- Ela – Hao
- Vony – Rà
- Ory
- Homana
- Avereno (miv)
- Niray
- Maka (miv) – ST

### TENY MIFANAPAKA N° 403




**Mitsivalana**

**1.** Fitaovana lalan-drano **2.** Tokana – Loko **3.** Karazana volo **4.** Antsibe maro loko – Solfa **5.** Torovana – Isa aviavy (miv) **6.** Omeo valiny **7.** Mariky ny ho avy – Zava-maniry **8.** Narindra tsara (miv) **9.** Mpanoritra – Heno (miv) – Taona tsy misy farany **10.** Avy amiko sy aminy – Sahala

**Mitsangana**

**A.** Fanehoana ara-pinoana **B.** Avoty, tsinjovy – Matoky (miv) **D.** Nanakoako tamin'ny tsara **E.** Bokin-kira solfa – Mamarana ny vavaka **F.** Tovona – Hatsiaka **G.** Akàna vao mitombo (miv) – Ranjanana (miv) **H.** Tany kely – Tanalahy (miv) **I.** Heloka (miv) – Foko (miv) **J.** Sahala – Aotra **K.** Tsena

### Valiny Teny mifanaraka 0402

**Mitsivalana**

**1**.Masy - Natao **2**. Adina (miv) - Osy **3**. Tahaka - Any (miv) **4**. Alamina - No (miv) **5**. Vonona - Asa **6**. Aty - (B)ok(y) **7**. Ak - Dadany **8**. Niaro (miv) - Ainy (miv) **9**. Eo - Vay **10**. Fanampiana

**Mitsangana**

**A** Matavy - Feo (miv) **B**. Olana (miv) - Aroa **D**. Sihanaka **E**. Tomady (miv) - Iva **F**. Mandinika (miv) **G**. Ana - (Z)ip(o) **H**. Ao - Ody **I**. Tsy - Akanga **J**. Sonia (miv) - Ny **K**. Anariana

RUGBY À 7 2022 NY CAP TOWN

# Resy 48 – 0 ny Makis Ladies 7 s

Nanomboka any Cap Town Afrika Atsimo omaly zoma 09 septambra 2022 ny fifaninanana rugby lalaovin' olona 7 fiadiana ny ho tompondaka eran-tany 2022 ka ireo firenena "40 meilleures nations féminines et masculines" no mandray anjara amin'izany ao anatin'ny "format de competition à élimination directe". Ny sokajy lehilahy no nisantatra ny fihaonana tamin'ny tapany maraina raha nanomboka tamin'ny 1 ora atoandro (ora Malagasy) kosa ny anjaran'ny vehivavy ka nikatrohan'ny Makis à 7 s vehivavy tamin'ny vehivavyAostraliana. Hita ho efa zatra ady sady manatombo ara -traikefa noho ny efa fahazarany amin' ny lalao toy itony ny Aostraliana ka tsy sarotra tamin-dry zareo ny nanamontsana ny Makis vehivavy tamin'ny isa mavesatra 48- 00. Tsy tafakatra amin'ny lalao 1/4-dalana izany ny Makis Ladies 7 s nefa kosa mbola tsy mody avy hatrany fa mbola hiatrika lalao fiadian-toerana amin'ity Mondial ity.



*Ireo Mondialistes any Afrika Atsimo*

**Rainilita**

Basket N 1 B Dames/Hommes sy U20 Garçons

# Niatrika lalao 1/4-dalana omaly zoma

Samy niatrika ny lalao 1/4-dalana avokoa omaly zoma 09 septambra 2022 ireo sokajy N1B Dames sy N1 B Hommes ary U20 Garçons miatrika ny fifaninanam-pirenena basikety baolina fiadiana ny ho tompondakan'i Madagasikara 2022 eo amin'ireo sokajy telo ireo izay tontosaina ao amin'ny kianja « Gymnase couvert Ambatomena Fianarantsoa » hoan'ny N1 B Dames sy U 20 Garçons ary ao amin'ny kianja « Capj Ambovombe Androy » hoan' ny sokajy N1 B Hommes. Nihaona tamin'izany tany Ambatomena Fianarantsoa ny MB2ALL sy LUCADRO (N 1B Dames), ny FFPRO BCTM sy PHOENIX (N 1B Dames), ny MB2ALL # ASE (U20), ny BC EST sy TGBC (U20), ny GNBC sy VASIA (N 1B Dames), ny FANDRASA syYBBC (N 1B Dames), ny DTSC sy BCF (U20), ny FANDRASA sy AMB HOOPS (U20). Tany amin'ny Capj Ambovombe Androy kosa ny MBC Atsinanana sy AS Victoire Boeny, ny AMBB A/nga sy SBC Vaknà, ny ASB Itasy sy SBBC Boeny, ary ny GENERATION 619 sy BCB Boeny. SCOR




*Fihaonana tany Ambovombe Androy.*

**Rainilita**

Lalao « Salon de l'auto 2022 »

# Hahazo fiara vaovao be izay tsara vintana

Mikarakara lalao (tombola) mety hahazoana loka lehibe miisa 8 be izao ny orinasa Telma "Sponsor officiel" amin'ny hetsika « Salon de l'Auto 2022 » andiany faha-13 izay ho tontosaina eny amin'ny CCI Ivato hanomboka amin'ny alakamisy 29 septambra ka hatramin'ny alahady 02 ôktôbra 2022 ho avy izao. Izay ho tsara vintana indrindra dia hahazo ny loka lehibe 1°- fiara vaovao be mitentim-bidy 60 tapitrisa ariary, ny faha-2 kosa dia hahazo "véhicule à 2 roues" iray ary ny faha-3 hahazo "Smartphone haut de gamme" iray. Izany rehetra izany dia fantatra taminy tamin'ny fitafàna fohy nataon'ny tompon'andraikitry ny Telma tamin'ny mpanao gazety teny amin'ny "Studio ADN" Andraharo tamin'ny alakamisy 08 septambra 2022 lasa teo. Tsotra ny fandraisana anjara amin'ny lalao dia ny fandefasana SMS ahitana ny soratra hoe : Salon Auto sy ny Anarana fenon'ny mpandray anjara ka amin'ny sarany 1000 ar izany (tsy voafetra kosa ny isan'ny SMS alefan'ny mpandray anjara iray fa mahazo mandefa SMS izay tiany izy. Efa nanomboka tamin'ny alatsinainy 29 aogositra 2022 lasa teo ny fandefasana an'izany SMS izany, ka tsy hifarana raha tsy amin'ny alahady 02 ôktôbra 2022 andro famaranana ny "Salon" Dia amin'io andro io ihany koa hanomboka amin'ny 6 ora hariva (18h00) eny amin'ny CCI Ivato ny fisarihana an'ireo tombola ireo ka hatao mangarahara hatrehan'ny vaditany , nefa tsy voatery hanatrika an'izany ireo mpandray anjara raha tsy ho afaka ho eny Ivato.



*Ny tompon'andraikitry ny Telma teny Andraharo.*

**Rainilita**

## Sakafo Ny Valosoa



Pirina lena saosy indray, no laoka amin'ny Sakafo eto amin'ny gazetinao androany. Hatao saosy amin'ny tongolo sy voatabia ary sakamalaho ny pirina. Tsara raha hasiana ro matsatso ananambo sy angivy miaraka aminy. Dia mazotoa homana tompoko.

## NY VALOSOA sy Mahasoa

# Fomba natoraly fitsaboana aretim-bavony

Fomba natoraly fitsaboana aretim-bavony (ulcère gastrique) indray, no Mahasoa eto amin'ny gazetinao androany. Zavatra ilaina: yaourt nature sy kôkômbra. Atao isan'andro mandritra ny 2 herinandro.
Fomba fanaovana azy misy karazany 2 :
1- Maka yaourt nature, atao anaty vilia bol, tetehina madinika kely ny kôkômbra dia atao anatin'ilay vilia bol misy yaourt.
2- Yaourt nature sy kôkômbra mixé-na anaty mixeur tsy asiana rano fa ilay kôkômbra dia efa miteraka rano.
Afaka asiana tantely na tsia izay tiana.
Afaka atao sakafo maraina izany, amin'ilay vavony mbola tsy misy na inona na inona iny.



## NY VALOSOA sy Mahaliana

# Ny tanànan'Amparihitsokatra any amin'ny distrikan'Ambatondrazaka faritra Alaotra Mangoro

Ny tanànan'Amparihitsokatra any amin'ny distrikan'Ambatondrazaka faritra Alaotra Mangoro indray, no Mahaliana eto amin'ny gazetinao androany. Renivohitry ny kaominina Amparihitsokatra ity tanàna ity, iray amin'ireo kaominina miisa 20 mandrafitra ny distrikan'Ambatondrazaka. Azo lazaina ho efa avo toerana izy, satria 841 m ny haavony miohatra amin'ny ranomasina. Any afovoany avaratry ny faritra Mangoro no misy ity tanàna ity. Toy ireo kaominina maro any amin'ny distrikan'Ambatondrazaka, mpamokatra vary koa Amparihitsokatra, vokatra any ny haninkotrana sy ny anana isan-karazany. Mpiompy akoho amam-borona koa ny mponina.

